

من خلقتي؟ ولماذا؟

**Iza tokoa no nanamboatra Ahy
? Ary inona ny antony
nanamboarana Ahy ?**

Iza tokoa no nanamboatra Ahy ? Ary inona ny antony nanamboatra Ahy ?

Ny zava-drehetra dia samy manondro avokoa ny fisian'ilay Mpahary

Iza no nahary sy nanamboatra ny lanitra sy ny tany ary ny zava-manan'aina lehibe rehetra ao aminy ka tsy voahodidin-javatra ?

Iza no namorona an'ity rafitra tena raitra sy voamboatra tsara any an-danitra sy ety an-tany ity ?

Iza no nahary sy nanamboatra ny Olombelona, sy nanome azy fandrenesana sy fahitana ary saina, ary nanao azy ho afaka hahazo fahalalana sy hahatakatra ny zava-misy ?

Ahoana ny fomba hanazavanao an'ilay asa tsara hita eo amin'ny fomba firafitrin'ny Vatanao sy ny Vatan'ireo zavamananaina rehetra misy eo amin'ny manodidina anao? Iza no nanamboatra sy namorona azy ireo ?

Amin'ny fomba ahoana tokoa ary ny fomba natao nahafahana nampirindra tanteraka sy nanorina ny lamina rehetra misy amin'izao tontolo lehibe izao araka ny lalàna raitra izay mifehy azy mandritra ny taona maro mifandimby?

Iza no nametraka ny rafitra mamehy an'izao tontolo izao (ny fiainana sy fivelomana ary ny fahafatesana sy ny fifampiterahan'ny velona, andro

aman'alina ary ny fiovaovan'ny vanim-potoana izay mifanesisesy ... sns)?

Moave ve izao tontolo izao ihany no namorona ny tenany? Sa avy amin'ny tsy misy no nisiany? Sa kisendrasendra no fomba nahatongavany sy nahitana Azy?

Nahoana ny Olona iray no mino sy manaiky ny fisian'ny zavatra tsy hitan'ny masonry? Toy ny hoe : (fahatsapana, saina, fanahy, fihetseham-po ary fitiavana) moa ve tsy satria hitany eo akaikiny ny vokan'izany? ka dia ahoana indray ary no handàvan'ny Olona tsy manaiky ny fisian'ny Mpahary lehibe an'izao tontolo lehibe izao nefa izy mahita ny vokatry ny zavaboariny ary ny vokatry ny fanamboarana sy ny famindram-pony? !

Tsy misy Olona hanaiky velively ho lazaina aminy hoe tongatonga ho azy io trano io nefa tsy nisy nanorina azy! Na holazaina aminy hoe ny tsy fisina no namorona ity trano ity! Dia ahoana no hinoan'ny Olona sasany fa tsy nisy Mpamorona io tontolo lehibe io? Ahoana no ahafahan'ny Olona misaina iray hanaiky ny filazana fa tongatonga ho azy io filaminan-javatra rehetra izay hita fa raitra sy tsara ho an'izao tontolo izao io?

Niteny i Tompo Allah manao hoe :

(أَمْ خُلِقُوا مِنْ غَيْرِ شَيْءٍ أَمْ هُمْ الْخُلُقُونَ، أَمْ خَلَقُوا السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ بَلْ لَا يُوقِنُونَ).

(Nohariana avy amin'ny tsy misy va izy ireo, sa izy ireo

no Mpahary? Sa nahary ny lanitra sy ny tany va izy ireo? Nefa toa tsy mino mihitsy izy ireo). [52 : 32].

i Tompo Allah ilay avo Tsitoha sy be voninahitra

Any ho any dia misy ny Tompo sy Mpahary tokana, izay manana anarana sy toetra lehibe sy maro izay maneho ny fahafenoany, ka anisan'ny anarany dia ny : Ilay Mpahary, Ilay Be Indrafo, Ilay Mpanome ny anajara, Ilay malala-tànana, ary ny hoe "Allah", dia anarana fantatra sy malaza indrindra amin'ireo anaran'ny Tompo avo Tsitoha, ary ny heviny dia toy izao : Ilay mendrika Tompoina sy hivavahana irery ihany ary tsy misy mpikambana Aminy tsy misy mpiara-miasa Aminy ihany koa.

Hoy i Tompo Allah ilay avo Tsitoha ao amin'ny Boky masina Koroany manao hoe ::

(قُلْ هُوَ اللَّهُ أَحَدٌ * اللَّهُ الصَّمَدُ * لَمْ يَلِدْ وَلَمْ يُولَدْ * لَمْ يَكُنْ لَهُ كُفُوًا أَحَدٌ)

(Lazao hoe : Izy Allah no Tompo tokana,

*Allah irery ihany no ilay Tompo ianteheran'ny rehetra

*Sady tsy niteraka Izy, no tsy nateraka ihany koa

*Ary tena tsy misy na dia iray aza mitovy Aminy)

[112: 1-4].

Ary miteny i Tompo Allah manao hoe :

﴿اللَّهُ لَا إِلَهَ إِلَّا هُوَ الْحَيُّ الْقَيُّومُ لَا تَأْخُذُهُ سِنَّةٌ وَلَا نَوْمٌ لَهُ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَمَا فِي الْأَرْضِ مَنْ ذَا الَّذِي يَشْفَعُ عِنْدَهُ إِلَّا بِإِذْنِهِ يَعْلَمُ مَا بَيْنَ أَيْدِيهِمْ وَمَا خَلْفَهُمْ وَلَا يُحِيطُونَ بِشَيْءٍ مِنْ عِلْمِهِ إِلَّا بِمَا شَاءَ وَسِعَ كُرْسِيُّهُ السَّمَوَاتِ وَالْأَرْضَ وَلَا يَئُودُهُ حِفْظُهُمَا وَهُوَ الْعَلِيُّ الْعَظِيمُ﴾

(Allah, Tsy misy Tompo afa tsy Izy irery ihany, Izy no ilay velona sy mahavita tena. Tsy mba rendrema na matory, Azy izay rehetra any andanitra sy ny ety an-tany, Tsy misy mpanelanelana Aminy afa tsy izay sitrany, mahafantatra ny eo ampelatanany sy ny ambadiky ny vohary Izy, Tsy misy mahafehy amphany amin'ny fahalalany afa tsy izay sitrany, Manenika ny lanitra manontolo sy ny tany ny seza fiandrianany ary tsy zavatra mavesatra Aminy akory izany, Izy no avo sy be Voninahitra.) [2 : 255].

Toetran'ilay Tompo Be voninahitra sy avo Tsitoha

Tena marina fa ny Tompo no namorona sy nanamboatra ny tany no sady nikarakara azy, ary nanao azy ho mendrika ho an'ny zavaboariny rehetra tsy ankanavaka, Izy no nahary ny lanitra sy ny zavaboary lehibe misy ao aminy, ary nanao ny masoandro sy ny volana, ny alina ary ny andro ho manaraka ny fifehezana ara-dalàna izay maneho ny faha-lehibiazany.

Ny Tompo no nanamora sy nandefa amintsika ny rivotra izay hoe tsy afa-miaina tokoa isika raha tsy amin'ny alàlan'izany, ary mbola Izy ihany koa no

nampilatsaka ny ranonorana tamintsika sy nampikorina ny renirano sy ranomasina, ary Izy no nampisakafo atsika fony mbola zaza tao an-kibon'ny reny nefa tsy nanana hery isika na dia kely aza, Izy no nampikoriana ny rà amin'ny lalandrantsika ka mampitempo tsy tapaka ny fontsika hatramin'ny andro nahaterahantsika ka mandrapahafatintsika.

Niteny i Tompo Allah manao hoe :

﴿وَاللَّهُ أَخْرَجَكُمْ مِنْ بُطُونِ أُمَّهَاتِكُمْ لَا تَعْلَمُونَ شَيْئًا وَجَعَلَ لَكُمُ السَّمْعَ وَالْأَبْصَارَ
وَالْأَفْئِدَةَ لَعَلَّكُمْ تَشْكُرُونَ﴾

(Ary i Tompo Allah dia namoaka anareo avy tao an-kibon-dreninareo, ka tsy misy zavatra fantatrareo akory, ary nataony teo aminareo ny fandrenesana sy ny fahitana ary ny fò, angamba hahay ankasitraka tokoa ianareo). (16: 78)

Ny Tompo izay ivavahana dia tsy maintsy manana toetra ilazana ny fahafenoana

Ny Mpahary sy mpanamboatra antsika dia nanome antsika saina izay nahafatsika mahatakatra bebe kokoa ny fahalehibiazany, ary nampiditra toetra voajanahary ao anatintsika izay maneho ny fahafenoany ary tsy azo amaritana ny fahabangana Izy.

Tsy maintsy ho an'i Tompo Allah irery ihany ny fanompoam-pivavahana, satria lavorary sy mendrika ivavahana manokana Izy, ary izay rehetra ivavahana ankoatra Azy dia diso no sady tsy

manan-kery avokoa, ary lazaina fa tsy feno no sady mety ho faty sy ho foana mihitsy aza izany.

Ny ilay tompoina dia tsy ho Olombelona velively mihitsy na koa sampy na hazo na biby !

Tsy mendrika ny Olona voalaza fa misaina ny hivavaka afa-tsy amin'izay lazaina fa tonga lafatra, koa nahoana no hivavaka amin'ny zavaboary tsy lavorary toa azy na ambany noho izy ny Olombelona !

Ny voalaza fa tompo dia tsy ho zazakely ao ankibon'ny vehivavy ary ho teraka tahaka ny zazakely ihany koa !

Ny Tompo no namorona sy nanamboatra ny zavaboary, ary eo am-pelatanany sy eo ambany fahefany avokoa ny zavaboary rehetra. Ka tsy afaka manisys ratsy Azy ny Olombelona, ary tsy misy afaka mamantsika Azy na mampijaly Azy, na manala baraka Azy !

Tsy mety maty mihitsy i Tompo Allah !

Ny Tompo dia Tompo tsy mba manadino no sady tsy matory ary tsy resin-tory, tsy misakafo ary koa tsy mihinana hanina, fa Izy dia be voninahitra ka tsy mendrika Azy velively ny manambady na koa lazaina hoe manan-janaka. Ny Mpahary dia manana ny toetrany manokana manoloana ny fahalehibiazany ary tsy azo faritina izany na oviana na oviana amin'ny filana na ny tsy fahampiana, ary ny soratra masina rehetra izay hita sy mirakitra ny fanambarana mifanohitra amin'ny

fahalehibiazan'ny Mpahary, izay nolazaina fa avy amin'ny Mpaminany, dia soratra diso tsy marina fa soratra efa voahova ary tsy anisan'ny fanambarana marina izay noentin'i Mpamonany Mosesy sy Jesosy ary ny Mpaminany hafa ihany koa, Fiadanana avy amin'i Tompo Allah anie ho azy ireo.

Niteny i Tompo Allah manao hoe :

يَا أَيُّهَا النَّاسُ ضَرْبَ مَثَلٍ فَاسْتَمِعُوا لَهُ إِنَّ الَّذِينَ تَدْعُونَ مِنْ دُونِ اللَّهِ لَنْ يَخْلُقُوا
دُبَابًا وَلَوْ اجْتَمَعُوا لَهُ وَإِنْ يَسْلُبْهُمُ الدُّبَابُ شَيْئًا لَا يَسْتَفْتَوْهُ مِنْهُ ضَعُفَ الطَّالِبُ
وَالْمَطْلُوبُ (73) مَا قَدَرُوا اللَّهَ حَقَّ قَدْرِهِ إِنَّ اللَّهَ لَقَوِيٌّ عَزِيزٌ (74)

Ô ry Olombelona ! Ity misy fanoharana ka henoinareo izany : “ Marina fa ireo zanahary, izay italahoanareo ankoatra an'i Tompo Allah, dia tsy afaka hahary na na hanamboatra ny lalitra iray akory aza, na dia hitambatra aza izy ireo ny amin'izany. Ary raha misy zavatra nendahin'ny lalitra teny amin'izy ireo, dia tsy afaka hamerina izany amin'ny toerany izy ireo na dia kely aza. Eny, malemy tokoa ny mpangataka sy izay angatahana ! (73)

Tsy nohajain'izy ireo amin'ny tena Hajany i Tompo Allah. Tena marina fa i Tompo Allah, ilay Matanjaka, ilay avo Tsitoha (74) [22: 73, 74].

Eken'ny saina ve ny hoe hamela antsika tsy mba hisy fanambarana ny Mpahary ?

Eken'ny saina ve fa i Tompo Allah namorona ireo zavaboary rehetra ireo nefa tsy misy tanjona, moa

ve azo lazaina fa kitoatoa no namoronany azy, nefa Izy ilay Be fahendrena sy Be fahalalana ?

Eken'ny saina ve fa ilay namorona sy nanamboatra antsika amin'ny rindran-damina tena raitra toy izao, sy nanamboatra ho an'isika ny rehetra amin'ny lanitra sy ny tany, dia hamorona antsika tsy misy tanjona, na koa hamela antsika tsy hamaly momba ny fanontaniana izay tena mampiasa loha antsika, toy ny hoe : Maninona isika no tonga eto ? inona ny aorian'ny fahafatesana ? Inona no tanjona tamin'ny namoronana antsika ?

Nandefa iraka kosa i Tompo Allah mba hahafantarantsika ny anton'ny fisiansika sy izay rehetra tadiaviny amintsika !

Nandefa iraka i Tompo Allah hilaza amintsika fa Izy irery ihany no mendrika tompoina sy ivavahana, sy hampianatra antsika ny fomba hanompoana Azy, sy hampita amin'isika ny didiny sy ny fandrany, ary hampianatra antsika ny soatoavina tsara indrindra izay tokony haraitsika izany mba ho lasa tsara ny fiainantsika, ary ho feno hatsarana sy fahasoavana.

Nandefa Iraka maro dia maro i Tompo Allah, toa an'i Mpaminany (Noah, Abrahama, Mosesy, ary Jesosy), ary nomen'i Tompo Allah famantarana sy fahagagana ireo iraka ireo mba hampisehoana ny fahatsorany sy ny nanirahan'ny Mpamorona azy ireo.

Ny farany tamin'ireo iraka dia i Mpamonany Mouhammad - S.A.W - ary i Tompo Allah dia nampidina Taminy ny Boky masina Koroany.

Ary efa nilaza amintsika mazava tsara ireo Iraka sy Mpaminany fa ity fiainana ity dia fitsapana, fa ny fiainana tena izy no sady maharitra dia ny fiainana aorian'ny fahafatesana

Ary misy Paradisa any ho an'ireo Mpino izay nanompo an'i Tompo Allah irery tsy misy mpiombona Aminy ary nino ny Iraka rehetra, sy ireo Mpaminany ary misy ihany koa ny Afo-be any, toerana izay nomanin'i Tompo Allah ho an'ireo Olona tsy mpino izay nanompo zanahary hafa niaraka tamin'i Tompo Allah na tsy nino ny iray tamin'ireo Iraka sy Mpamonan'i Tompo Allah.

Niteny i Tompo Allah manao hoe :

يَا بَنِي آدَمَ إِنَّمَا يَأْتِيَنَّكُمْ رُسُلٌ مِنْكُمْ يَقُصُّونَ عَلَيْكُمْ آيَاتِي فَمَنْ انْقَى وَأَصْلَحَ فَلَا خَوْفَ عَلَيْهِمْ وَلَا هُمْ يَحْزَنُونَ (35) وَالَّذِينَ كَذَّبُوا بِآيَاتِنَا وَاسْتَكْبَرُوا عَنْهَا أُولَئِكَ أَصْحَابُ النَّارِ هُمْ فِيهَا خَالِدُونَ (36)

O ! ry Zanak'i Adama ! Raha misy ireo Iraka (voafidy) avy aminareo tonga mitantara aminareo ireo fanambarako, izay natahotra sy nanarina ny tenany, dia tsy hisy tahotra izy ireo ary tsy halahelo ihany koa.

Ary ireo rehetra izay nilaza fa lainga ny fanambaranay ka lasa nanalavitra izany tamin'ny alalan'ny fanambonian-tena, dia izy ireny no

voalaza fa Olon'ny Afobe, ka hitoetra ao mandrakizay izy ireo. (36)

[7 : 35,36].

Ary mbola Niteny ilay avo Tsitoha mandrakizay ka nanao hoe :

(أَفَحَسِبْتُمْ أَنَّمَا خَلَقْنَاكُمْ عَبَثًا وَأَنَّكُمْ إِلَيْنَا لَا تُرْجَعُونَ)

Moa ve mihevitra ianareo, fa noharianay tsy amin'ny antony, ary tsy haverina aty aminay ianareo indray andro any ? [23: 115].

Boky masina Koroany

Ny Boky masina Koroany dia tenin'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha, izay nampidinina tamin'ny Iraka farany indrindra, i Mpaminany Mouhammad (S.W.A), ary io no fahagagana lehibe indrindra izay manambara sy milaza ny fahamarinan'ny faminanian'i Mpaminany Mouhammadi (S.W.A) - Izy (Koroany) dia fahamarinana ao amin'ny didimpitsarany ary ny fahamarinana ao amin'ny fampahalalam-baovaony, ary nanao fanamby i Tompo Allah tamin'ireo mandà izany mba hamokatra na dia sorata iray tahaka an'ity KOROANY ity izy ireo, nefa tsy afaka nanao izany izy ireo noho ny hakanton'ny fomba fiteny sy ny fahaizany. Nahitana porofo ara-tsiansa maro sy zava-misy ara-tsiansa izay milaza fa tsy Olombelona no namorona ity boky ity, fa dia tenin'ny Tompon'ny Olombelona ilay be Voninahitra.

Nahoana no maro samihafa ny Iraka ?

Efa nandefa iraka hatrany am-piandohana i Tompo Allah mba hiantso ny Olona rehetra ho amin'ny Tompon'izy ireo, ary hampita amin'izy ireo ny didiny sy ny fandrany ka ny antso rehetra sy hafatra nataon'izy ireo dia ny hanompoan'ny zanakolombelona an'i Tompo Allah irery ihany tsy misy mikambana Aminy, ilay Tompo avo Tsitoha, ary isakin'ny manomboka mandao na mamela ary manodina ny zavatra nentiny ireo irak'izy ireo ny vahoaka amin'ny fanokanana an'i Tompo Allah, dia mandefa Iraka iray hafa hanitsy ny lalan'izy ireo i Tompo Allah, ary mbola mamerina ny Olona ho amin'ny fiheverana ny mahavoajanahary sy ny fankatoavana manokana an'i Tompo Allah, mandrapamaranan'i Tompo Allah ireo Iraka tamin'i Mouhammadi (S.A.W) izay nitondra ny lalàna mandrakizay feno ho an'ny Olombelona rehetra mandra-pahatongan'ny andro farany andro fitsanganana amin'ny maty, mameno sy manafafoana ireo lalàna nialoha azy, ary ny Tompo avo Tsitoha dia niantoka izany lalàna sy hafatra izany mba hitoetra sy haharitra hatramin'ny andro farany andro ny fitsanganana amin'ny maty.

Noho izany, isika vahoaka Isilamo dia mino - araka ny nandidian'i Tompo Allah - ireo Iraka sy ny boky rehetra teo aloha.

Niteny i Tompo Allah manao hoe :

﴿ءَامَنَ الرَّسُولُ بِمَا أُنزِلَ إِلَيْهِ مِنْ رَبِّهِ وَالْمُؤْمِنُونَ كُلٌّ ءَامَنَ بِاللّٰهِ وَمَلَائِكَتِهِ وَكُتُبِهِ وَرُسُلِهِ لَا نُفَرِّقُ بَيْنَ أَحَدٍ مِّن رُّسُلِهِ وَقَالُوا سَمِعْنَا وَأَطَعْنَا غُفْرَانَكَ رَبَّنَا وَإِلَيْكَ الْمَصِيرُ﴾ [2: 285].

(Ny Iraka dia nino izay nampidinina taminy avy tamin'y tompony, tahak'izany koa ireo vahoaka mpino, dia samy nino an'i Tompo Allah avokoa sy ireo anjeliny, ireo boky masiny ary ireo Mpaminaniny. Tsy hanavahana na dia iray aza amin'ireo Mpaminaniny ary izy ireo niteny nanao hoe : Nandre ary nankatoa izahay ka mihandrahandra ny famelan-kelokao ry tomponay, Satria any Aminao no hiverenanay).

[2: 285].

Tsy ho mpino mihitsy ny Olona iray raha tsy efa mino sy manaiky an'ireo iraka rehetra

i Tompo Allah no nandefa ireo Iraka ary nandidy ny zavaboariny rehetra mba hankatò azy ireo, ka izay tsy manaiky sy tsy mino ny hafatr'iray amin'izy ireo dia efa lazaina fa nikomy amin'ny rehetra, ka tsy misy fahotana lehibe noho ny Olona mandà an'i Tompo Allah sy ny fanambarany, ka mba hidirana ao amin'ny Paradisa dia tsy maintsy mino an'ireo Iraka rehetra.

Adidy ho an'ny tsirairay amin'izao fotoana izao ny mino sy manaiky an'ireo Irakan'i Tompo Allah rehetra, ary izany dia tsy azo atao raha tsy amin'ny alàlan'ny finoana sy ny fanarahana ilay farany

tamin'izy ireo, dia i Mpaminany Mouhammadi (S.A.W).

Nolazain'i Tompo Allah ao amin'ny Boky masina KOROANY fa izay mandà sy mitsipaka ary tsy hino ny iray amin'ireo irakan'i Tompo Allah dia lazaina fa tsy mino an'i Tompo Allah ihany koa ary tsy mino ny fanambarana avy Aminy :

Vakio ity andininy manaraka ity :

"إِنَّ الَّذِينَ يَكْفُرُونَ بِاللَّهِ وَرُسُلِهِ وَيُرِيدُونَ أَنْ يُفَرِّقُوا بَيْنَ اللَّهِ وَرُسُلِهِ وَيَقُولُونَ
نُؤْمِنُ بِبَعْضٍ وَنَكْفُرُ بِبَعْضٍ وَيُرِيدُونَ أَنْ يَتَّخِذُوا بَيْنَ ذَلِكَ سَبِيلًا أُولَٰئِكَ هُمُ
الْكَافِرُونَ حَقًّا وَأَعْتَدْنَا لِلْكَافِرِينَ عَذَابًا مُهِينًا".

Ary tena marina fa ireo izay tsy mino an'i Tompo Allah sy ireo Irany, sy mila hanavaka an'i Tompo Allah sy ireo Irany, ka miteny hoe : “ Izahay dia mino ny sasany amin'izy ireo, fa tsy mino ireo sasany hafa kosa », ary mitady handray lalana hafa anelanelan'izany izy ireo.

Izy ireo tokoa no tena Olona tsy mpino marina!, ary efa nomaninay ho an'ireo Olona tsy mpino ny sazy manala-baraka. [4: 150,151].

Inona no atao hoe Islam ?

Ny Islam dia finoana sy fanekena an'i Tompo Allah ilay avo Tsitoha amin'ny alàlan'ny fanokanana Azy, ny fanekena Azy amin'ny alàlan'ny fankatoavana ary ny fanarahana ny lalàny amin'ny fahafaham-po sy ny fanekena.

Hafatra iray ihany no nanirahan'i Tompo Allah ireo Iraka ireo : Ny antso ny mba tokony

hivavahana amin'i Tompo Allah irery ihany, tsy misy mpikambana Aminy na tsy misy mpiara-miasa Aminy.

Ny Finoana Islamo no Finoana sy fivavahan'ireo Mpaminany rehetra izay nifandimby teto an-tany ary mitovy tanteraka no sady tokana avokoa ny fampielezana sy ny antso nataon'izy ireo fa niseho amin'ny endrika samy hafa kosa ny lalàna izay nifampifehezan'izy ireo, amin'izao fotoana izao dia ireo vahoaka Mpino Isilamo no mifikitra sy mitazona ny amin'ny Finoana marina izay nentin'ireo Mpaminany rehetra. Ny hafatran'ny Finoana Islamo amin'izao fotoana izao no fahamarinana, ary ny Tompo izay naniraka an'i Mpaminany Abrahama sy Moizy ary Jesosy no naniraka ihany koa an'ilay Iraka farany i Mouhammadi (S.W.A), ary tonga ny lalànan'ny Finoana Islamo no lasa nanafoana tanteraka ireo lalàna teo alohany.

Ny Religion na ny fivavahana rehetra izay ivavahan'ny Olona ankehitriny - ankoatran'ny Finoana Islam - dia fivavahana noforonin'ny Zanakolom-belona, na koa mety fivavahana efa avy tamin'i Tompo Allah fa efa novain'ny Zanakolombelona taty afara ka lasa nahitana fifangaroan'ireo korontam-bato sy angano maro samy hafa izay nolovaina tamin'ireo razam-be ary nisy tamin'ireo Zanakolombelona niezaka napiditra ihany koa ny ezakany manokana tao

amin'ny fivavahana. Fa ny foto-pinoana Islamo dia foto-pinoana iray mazava tsy miova, ary jereo ny Boky masina KOROANY, Boky iray miparitaka any amin'ny firenena Isilamo rehetra maneran-tany.

Miteny i Tompo Allah ao amin'ny Boky masina Koroany ka nanao hoe :

قُلْ آمَنَّا بِاللَّهِ وَمَا أُنْزِلَ عَلَيْنَا وَمَا أُنْزِلَ عَلَىٰ إِبْرَاهِيمَ وَإِسْمَاعِيلَ وَإِسْحَاقَ وَيَعْقُوبَ
وَالْأَسْبَاطِ وَمَا أُوتِيَ مُوسَىٰ وَعِيسَىٰ وَالنَّبِيُّونَ مِنْ رَبِّهِمْ لَا نُفَرِّقُ بَيْنَ أَحَدٍ مِنْهُمْ
وَنُحْنُ لَهُ مُسْلِمُونَ (84) وَمَنْ يَبْتَغِ غَيْرَ الْإِسْلَامِ دِينًا فَلَنْ يُقْبَلَ مِنْهُ وَهُوَ فِي
الْآخِرَةِ مِنَ الْخَاسِرِينَ (85).

Teneno hoe : “ Mino an’ i Allah izahay, sy izay nampidinina taminay sy izay nampidinina koa tamin’i Ibrahim, Ismaëly, Isaka, Jakoba, sy ireo Asbàta, sy izay natolotra an’i Mosasy Issa ary ireo Mpaminany avy amin’ny Tompon’izy ireo; tsy manavaka na dia iray aza amin’izy ireo izahay, ary manaiky Azy (Allah) tanteraka izahay. (48)

Ary izay mandray Finoana hafa ankoatran'ny Finoana Islamo dia tsy ho ekena Aminy izany, ary any an-koatra, dia ho anisan’ireo matiantoka izy. (85)

[3: 84,85].

**Inona ny fomba izay hinoan'ireo vahoaka
Isilamo mahakasika ny momba an'i Jesosy
(A.S), fiadanana ho Azy ?**

Fantatrao ve fa ny Vahoaka Isilamo dia tsy maintsy manaiky sy mino an'i Jesosy fa Izy no Mpaminanin'i Tompo Allah, no sady tia Azy, manaja

Azy, ary mino ny hafany, dia ny antso ny mba ho amin'ny hivavahana amin'i Tompo Allah irery ihany, tsy misy mpiara-miasa Aminy ! Ny Vahoaka Isilamo dia manaiky sy mino fa i Mpaminany Jesosy (A.S) sy ny Mpaminany Mouhammadi (S..W.A) dia samy Mpaminany, ary izy ireo dia nirahina mba hitarika ny Olona amin'ny làlan'i Tompo Allah sy ny làlan'ny Paradisa.

Mino isika rehetra fa i Jesoa (A.S) dia iray amin'ireo Iraka lehibe indrindra izay nirahin'i Tompo Allah ialy avo Tsitoha, ary mino iany koa Izahay fa tena teraka tamin'ny fomba mahagaga tokoa Izy, ary i Tompo Allah dia Nilaza tamintsika ao amin'ny Boky masina KOROANY fa Izy no namorona an'i Jesosy tsy nanana Ray, tahaka ny namoronany an'i Mpaminany Adamany tsy nanan-dray na Reny, ka manana fahefana amin'ny zavadrehetra i Tompo Allah.

Mino Isika rehetra fa i Jesosy (A.S) dia tsy tompo, na zanakan'i Andriamanitra, ary tsy nohomboana tamin'ny hazo fijaliana, fa i Tompo Allah kosa nampiakatra Azy tany Aminy ary hampidina Azy ihany koa amin'ny ora farany mba hitsara aradrariny ary hiaraka amin'ny Silamo satria ny Silamo mino ny fanokana an'i Tompo Allah izay nentin'i Jesosy (A.S) sy ny Mpaminany rehetra.

Nolazain'i Tompo Allah tamintsika ao amin'ny Boky masina KOROANY fa ny hafatr'i Jesosy dia lasa novain'ny ireo Kristiana avokoa ary misy mihitsy

aza ireo mivily làlana izay tena nanova sy nikitika tanteraka ny Evanjely ary nampiana lahatsoratra maro izay tsy nolazain'i Jesosy (A.S) akory Porofon manamarina an"izany dia fiparitahan'ny Filazantsara sy ny fisian'ny fifanoherana maro ao anatiny.

i Tompo Allah dia efa Nilaza tamintsika fa i Jesosy (A.S) dia nanompo ny Tompony Izy ary tsy nangataka ny mba hiankohofana eo anatrehan'ny, fa nandidy ny Olony rehetra mba hanompo an"ilay Mpamorona Azy, fa i Satana kosa no nanao an"ny kristiana hivavaka amin'i Jesosy, ary i Tompo Allah dia Nilaza tamintsika ao amin'ny Boky masina KOROANY fa tsy mamelà ny heloky ny Olona rehetra izay nanompo tompo hafa ankoatran'i Tompo Allah, ary i Jesoa (A.S) amin'ny andro fitsanganana amin'ny maty dia handa amin"ireo izay rehetra nivavaka Taminy, ka hilaza amin'izy ireo Izy hoe : Izaho nandidy Anareo hiankohoka amin"ilay Mpahary, ary Izaho tsy nangataka Anareo hiankohoka Amiko. Porofon'izany ny Tenin'ilay avo Tsitoha manao hoe :

يَا هَلْ الْكَتَبَ لَا تَغْلُوا فِي دِينِكُمْ وَلَا تَقُولُوا عَلَى اللَّهِ إِلَّا الْحَقَّ إِنَّمَا الْمَسِيحُ عِيسَى ابْنُ مَرْيَمَ رَسُولُ اللَّهِ وَكَلِمَتُهُ أَلْقَاهَا إِلَى مَرْيَمَ وَرُوحٌ مِنْهُ فَآمِنُوا بِاللَّهِ وَرُسُلِهِ وَلَا تَقُولُوا ثَلَاثَةٌ انْتَهُوا خَيْرًا لَكُمْ إِنَّمَا اللَّهُ إِلَهٌ وَاحِدٌ سُبْحَانَهُ أَنْ يَكُونَ لَهُ وَلَدٌ لَهُ مَا فِي السَّمَوَاتِ وَمَا فِي الْأَرْضِ وَكَفَى بِاللَّهِ وَكِيلًا

(Ry Olon'ny boky ! Aoka Ianareo tsy hanao ny tafahoatra

eo amin'ny finoanareo, ary aza miteny momba an'Allah afa-tsy ny marina. Fa ny Mesia Jesoa, zanak'i Maria, dia tsy inona fa Irak'Allah ihany, teniny nalefany tamin'i Maria, sy fanahy avy Aminy. Koa minoa an'Allah sy ireo Irany ianareo. Ary aoka ianareo tsy hiteny hoe "Anankitelo"; hatsaharonareo izany, fa tsara kokoa ho anareo. Satria Tokana ihany Allah, lavitra ny

voninahiny ny hanan-janaka. Ary Azy avokoa izay any andanitra

sy ety an-tany, fa ampy ho Mpiahy Allah).

[4 : 171].

Miteny i Allah manao hoe :

(وَإِذْ قَالَ اللَّهُ يَا عِيسَى ابْنُ مَرْيَمَ أَنْتَ قُلْتَ لِلنَّاسِ اتَّخِذُونِي وَأُمِّي إِلَهَيْنِ مِنْ دُونِ اللَّهِ ۖ قَالَ سُبْحَانَكَ مَا يَكُونُ لِي أَنْ أَقُولَ مَا لَيْسَ لِي بِحَقٍّ ۚ إِن كُنْتُ قُلْتُهُ فَقَدْ عَلِمْتَهُ ۚ تَعْلَمُ مَا فِي نَفْسِي وَلَا أَعْلَمُ مَا فِي نَفْسِكَ ۚ إِنَّكَ أَنْتَ عَلَّامُ الْغُيُوبِ

Ary raha Niteny i Tompo Allah hoe : “ O ! ry Issa zanak'i Mariamo, moa ve Ianao no niteny tamin'olona hoe raiso Aho sy ny Reniko, ho Zanahary roa ankoatran'i Allah ? ”. Niteny i Issa hoe : “ Dera sy voninahitra ho Anao ! Tsy afaka hiteny amin'izay tsy nananako zo Aho ! Raha tsy niteny an'izany Aho dia efa fantatrao. Mahalala ny ato Amiko Ianao fa izaho kosa tsy mahalala ny ao Aminao .Tena marina fa Ianao no tena Mahalala ny miafina rehetra. (5 :116)

Izay te ho voavonjy any ankoatra dia tsy maintsy miditra amin'ny finoana Islam ary manaraka ny Mpaminany MouhammadI (S.A.W).

Anisany iray amin'ireo zavatra nifanarahana'ireo Mpaminany sy ireo Irakan'i Tompo Allah ny hoe : Tsy misy Olona voavonjy amin'ny andro farany afa-tsy izay manampinoana ka mino tanteraka an'i Allah ilay avo Tsitoha ary tsy nanambatra Azy amin'ny zavatra hafa manoloana an'i fanompoampivavahana Azy, ary mino an'ireo Mpaminany sy Iraka rehetra ihany koa. ka ireo rehetra izay niaina tamin'ny vaninandron'ny Mpaminany Moizy (A.S) ka nino Azy sy nanaraka ny fampianarana izay nandesiny dia ireny indray no azo lazaina fa Silamo tsara no sady mpino ary manampinoana, fa taorian'ny nandefasan'i Tompo Allah an'i Mpaminany Jesosy (A.S) dia lasa voadidy ny mba tokony hino indray an'i Mpaminany Jesosy (A.S) ny rehetra sy hanaraka Azy ka izay nino an'i Mpaminany Jesosy (A.S) dia lazaina ihany koa fa Silamo tsara fa izay misakan-tena kosa ka manakana ny Olona tsy hino sy hanaraka an'i Mpaminany Jesosy (A.S) fa hipetraka sy hitazona ny momban'ny fivavahan'ny Mpaminany Mosesy (A.S) dia lasa ho voasokajy anisan'ireo tsy Mpino sy tsy manampinoana. Satria tsy nety nino an'ireo Mpaminany izay nirahin'i Tompo Allah izy ireo. Ary taorian'ny nandefasan'i Tompo Allah an'ilay Iraka farany, i Mpaminany MouhammadI (S.A.W), dia lasa

tsy maintsy mino azy ny rehetra, Satria ny Tompo izay naniraka an'i Mpaminany Mosesy sy Jesosy (A.S) dia mbola Izy ihany no naniraka ilay Iraka farany i Mpaminany Mouhammadi (S.A.W), ka izay tsy mino ny hafatrin'i Mouhammadi (S.A.W) ka hiteny hoe : “ Hijanona hanaraka an'i Mpaminany Mosesy na i Mpaminany Jesoa (A.S) Aho dia lasa ho voasokajy Olona tsy mpino tsy manampinoana.

Tena tsy ampy ho an'ny olona iray ny milaza fa manaja ny mpino Silamo Izy, ary tsy ampy ho an'ny famonjena Azy any ankoatra ihany koa ny fiantrana sy fanampiana an'ireo mahantra sy masikiny. Fa tsy maintsy mino an'i Allah Izy, mino ny Bokiny, mino ny Irany ary ny mino ireo Anjely sy ny Andro farany mba haneken'i Tompo Allah izay rehetra avy Aminy ! Satria tsy misy fahotana lehibe mihoatra ny fampitambarana an'i Tompo Allah amin'ny zavatra hafa sy ny tsy finoana Azy ary fanomezana lambosina an'ireo fanambarana rehetra izay nampidinin'i Allah na koa mikomy sy mitsipaka ny faminanian'ilay Mpaminany farany i Mouhammadi (S.A.W). Ny Jiosy sy ny Kristiana izay nandre ny fandefasana an'i Mpaminany Mouhammadi (S.A.W) ka tsy nino azy ary nanda ny hiditra amin'ny finoana Islam dia ho any amin'ny afon'ny helo izy ireo, ka hitoetra ao mandrakizay, araka izay nolazain'i Allah ilay avo Tsitoha ka nanao hoe :

{إِنَّ الَّذِينَ كَفَرُوا مِنْ أَهْلِ الْكِتَابِ وَالْمُشْرِكِينَ فِي نَارِ جَهَنَّمَ خَالِدِينَ فِيهَا ۖ
أُولَٰئِكَ هُمْ شَرُّ الْبَرِيَّةِ}

(Hamafisina, fa ireo izay tsy mino amin'ireo olon'ny Boky, sy ireo mpanompo sampy, dia hitoetra ao anatin'ny afobe mandrakizay. Izy ireny no ratsy indrindra amin'ny zava-boahary).

[98 : 6].

Satria efa nidina ny hafatra farany avy amin'i Allah ho an'ny zanak'olombelona, ka tsy maintsy amin'ny olombelona rehetra izay mandre momba ny finoana Isilamo sy mandre ihany koa ny momba ny hafatrin'ny Mpaminany farany i Mouhammadi (S.A.W) ka nino Azy sy nino an'izany no sady nanaraka ny lalàna rehetra izay nizorany ary nankatoa Azy amin'ny didiny sy ny fandrany, noho izany, izay mandre hafatra farany ka minia mitsipaka sy mandà, ka lasa tsy hanaiky na inona na inona avy amin'Allah dia lasa hanasazy Azy i Allah amin'ny fiainana any an-koatra. Isan'ny porofo amin'izany ilay Tenin'i Allah manao hoe :

{وَمَنْ يَبْتَغِ غَيْرَ الْإِسْلَامِ دِينًا فَلَنْ يُقْبَلَ مِنْهُ وَهُوَ فِي الْآخِرَةِ مِنَ الْخَاسِرِينَ}

(Fa izay mandray finoana hafa ankoatra ny finoana islam; dia tsy ho voaray izay rehetra hataony, ary izy isan'ireo maty antoka indrindra any an-koatra).

[3 : 85].

Ary niteny i Allah manao hoe :

(قُلْ يَا أَهْلَ الْكِتَابِ تَعَالَوْا إِلَى كَلِمَةٍ سَوَاءٍ بَيْنَنَا وَبَيْنَكُمْ أَلَّا نَعْبُدَ إِلَّا اللَّهَ وَلَا نُشْرِكَ بِهِ شَيْئًا وَلَا يَتَّخِذَ بَعْضُنَا بَعْضًا أَرْبَابًا مِنْ دُونِ اللَّهِ ۚ فَإِنْ تَوَلَّوْا فَقُولُوا اشْهَدُوا بِأَنَّا مُسْلِمُونَ)

(Teneno hoe : “O ry olon’ny boky! Avia anareo ho amin’ny teny iraisana eo aminay sy aminareo, mba tsy hanompo isika afa-tsy Allah, ary tsy hanambatra Azy amin’ny zavatra hafa isika, ary ny andaniny amintsika mba tsy handray ny ankilany ho tompo tompoina ankoatra an’i Allah. Ka raha mitodi-damosina izy ireo, dia tenenonareo hoe: “Aoka hijoro vavolombelona ianareo, fa tena mpanaiky an’i Allah izahay). (3: 64).

Inona ny tokony hataoko raha te ho mpino silamo aho?

Raha te hiditra amin'ny finoana Islam dia tsy maintsy mino ireto Andry Enina ireto ianao :

Ny finoana sy fanekena an’i Allah ilay avo Tsitoha, Ary Izy no Mpamorona, Mpanome anjara, Mpandrindra, Mpanjaka, ary tsy misy tahaka Azy, tsy manam-bady np sady tsy manana zanaka, ary Izy irery ihany no mendrika tompoina sy hivavahana.

Ny finoana sy fanekena ny Anjely, izy ireo dia mpanompon’i Allah ilay avo Tsitoha, namboariny izy ireo avy amin’ny fahazavana, ary nataony ho isan'ny asan'izy ireo ny midina miaraka amin'ny fanambarana avy amin'i Tompo Allah ho any amin'ireo Iraka sy Mpaminaniny.

Ny finoana ireo Boky rehetra izay nampidin'in'i Allah tamin'ireo Iraka sy Mpaminaniny (toy ny Taorah sy ny Evanjely - talohan'ny nanovana azy ireo) ary ny Boky farany dia ny Koroany.

Ny finoana an'ireo Iraka rehetra, toa an'i Noa, Abraham, Moussa, Issa, ary ny farany tamin'izy ireo dia i Mouhammadi (S.A.W) ary izy ireo dia Olombelona, notohanana'i Tompo Allah tamin'ny Porofo sy fahagagana izay maneho ny fahamarinany.

Ny finoana ny andro farany rehefa hatsangan'i Allah ny olona voalohany sy ny farany ary hotsarain'i Tompo Allah eo anoloany ny zavaboariny rehetra, ka hampiditra ny mpino ao amin'ny Paradisa izy sy ny ireo tsy mpino any amin'ny helo Afobe.

Ny finoana ny anjara sy lahatra, eny tokoa fa i Allah no mahalala ny zava-drehetra, ny efa lasa sy ankehitriny ary ny ho avy, ary i Allah dia efa nahafantatra sy nanoratra an'izany rehetra izany ary nitia ka nanamboatra ny zava-drehetra.

Ny finoana Islam no làlan'ny fiadanana sy fahasambarana

Ny finoana Islam dia finoana sy fivavahan'ireo Mpaminany rehetra fa tsy fivavahana manokana ho an'ny vahoaka Arabo.

Ny finoana Islam no làlana ho any amin'ny fahasambarana eto an-tany, ary fahasambarana mandrakizay ihany koa any ankoatra.

Ny finoana Islam no finoana sy fivavahana iray afaka mamaly ny filan'ny fanahy sy ny vatana, ary mamaha ny olanan'ny Zanakolombelona rehetra.

Niteny i Allah manao hoe :

﴿قَالَ اهْبِطَا مِنْهَا جَمِيعًا بَعْضُكُمْ لِبَعْضٍ عَدُوٌّ فَإِمَّا يَأْتِيَنَّكُمْ مِنِّي هُدًى فَمَنِ اتَّبَعَ هُدَايَ فَلَا يَضِلُّ وَلَا يَشْقَى وَمَنْ أَعْرَضَ عَن ذِكْرِي فَإِنَّ لَهُ مَعِيشَةً ضَنْكًا وَنَحْشُرُهُ يَوْمَ الْقِيَامَةِ أَعْمَى﴾

(Niteny Izy hoe : “ Midina miala eto Ianareo roa (Adama sy Eva) ! Ny andaniny Aminareono fahavalon'ny ankilany. Ary raha misy tari-dàlana avy aty Amiko tonga eo Aminareo, ka na iza na iza manaraka ny tari-dàlako dia tsy ho very làlana, ary tsy ho ory.

124- Ary na iza na iza kosa mitodi-damosina amin'ny fampahatsiahivako,tena marina fa ho azy ny fiainana feno fahasahiranana, ary amin'ny Andro Fitsanganana (amin'ny maty) dia haverinay ao anatin'ny fahajambana Izy.

[20: 123 ,124].

Inona no soa azoko amin'ny fidirana amin'ny finoana Islam?

Ny fidirana amin'ny finoana Islam dia misy tombony lehibe, ao anatin'izany :

- Ny fandresena sy ny voninahitra eto an-tany, satria mpanompon'i Allah ny olona iray, fa raha tsy

izany dia mpanompon'ny rendrarendra, Satana, ary ny filàna.

- Ny fandresena lehibe indrindra amin'ny fiainana any an-koatra dia ny fahazahoana ny famonjena ka voavonjy amin'ny fampijalian'ny Afobe, ka lasa mahazo anjara amin'ny fidirana ao amin'ny Paradisa, ary ny fahazahoana ny fankasitrahan'i Allah sy ny fitoerana mandrakizay ao amin'ny Paradisa.

- Ireo izay ampidirin'i Allah ao amin'ny Paradisa dia hiaina ao amin'ny fiadanana sy fahasambarana mandrakizay izy ireo ka tsy hisy fahafatesana intsony na karazana aretina, fanaintainana, alahelo, na fahanterana, ary hahazo izay rehetra iriny avokoa ny rehetra ao.

- Ao amin'ny Paradisa dia misy fahafinaretana tsy mbola hitan'ny maso, tsy mbola ren'ny sofina, ary tsy mbola noheverin'ny olombelona. Porofon'izany ilay tenin'i Allah ilay avo Tsitoha manao hoe :

Isan'ny Porofo amin'izany ilay Tenin'i Allah manao hoe :

(مَنْ عَمِلَ صَالِحًا مِّنْ ذَكَرٍ أَوْ أَنشَىٰ وَهُوَ مُؤْمِنٌ فَلَنُحْيِيَنَّاهُ حَيَاةً طَيِّبَةً وَلَنَجْزِيَنَّهُمْ أَجْرَهُمْ بِأَحْسَنِ مَا كَانُوا يَعْمَلُونَ)

(Izay manao ny soa, na lahy na vavy, ka mpino, dia homenay fiainana tsara izy, ary hovalianay soa izy ireo amin'ny valisoa tsara indrindra ho tambiny izay nataon'izy ireo). [16: 97].

Inona no mety fahavoazako raha mandà ny finoana Islam aho?

Ho very amin'ny fatiantoka lehibe hoan'ny olona iray ny tsy fahalalana sy tsy fahafantarana manokana an'i Allah ilay lehibe indrindra, ary anisany ho fatiantoka ihany koa ara-mpinoana sy Y-many ny tsy fahafantarana sy ny tsy fahalalana ny momba an'i Allah, amin'ny alalany finoana, ka ny fahafantarana sy fahalalana izany rehetra izany no manome fiarovana sy fahatoniana eto an-tany amin'ny fiadanana sy fahasambaranana mandrakizay amin'ny fiainana any ankoatra.

Ho very sy hiatra fatiantoka amin'ny olona iray raha eo amin'ny famakina an'ilay boky lehibe indrindra izay nampidinin'i Allah tamin'ny olombelona, sy ny finoana ary fanekena an'izany boky lehibe izany.

Ho very sy matiantoka ny finoana an'ireo Mpaminany lehibe ny olona iray, ary hamoy tahak'izany ihany koa ny fiarahany amin'izy ireo ao amin'ny Paradisa amin'ny andro farany, ary hiaraka amin'ny devoly sy ny mpanao heloka bevava ary ny mpanao jadona ao amin'ny afon'ny helo izy, ary izany no trano sy mpiaray vadirindra ratsy indrindra.

Niteny i Tompo Allah ka nanao hoe :

قُلْ إِنَّ الْخَاسِرِينَ الَّذِينَ خَسِرُوا أَنْفُسَهُمْ وَأَهْلِيَهُمْ يَوْمَ الْقِيَامَةِ أَلَا ذَلِكَ هُوَ الْخُسْرَانُ الْمُبِينُ (15) لَهُمْ مِنْ فَوْقِهِمْ ظُلَلٌ مِنَ النَّارِ وَمِنْ تَحْتِهِمْ ظُلَلٌ ذَلِكَ يُخَوِّفُ اللَّهَ بِهِ عِبَادُهُ يَا عِبَادِ قَاتِلُوا أَنْفُسَكُمْ .

(Lazao hoe : “Ny tena maty antoka, dia ireo nanao izay hahavery ny tenany sy ny fianakaviany, amin’ny andro fitsanganana”. Moa tsy izany va no tena fatiantoka miharihary? (15)

(Hisy afo matevina eo ambonin’izy ireo sy eo ambaniny. Izany no hampitahoran’i Allah ireo mpanompony. Ry mpanompoko ! Matahora Ahy ianareo !)

[39:15,16].

Aza tara mandray fanapahan-kevitra !

Ny fiainana eto an-tany dia tsy fonenana mandrakizay ...

Ho levona aminy ny hatsaran-tarehy rehetra ary ho levona ihany koa ny filàna rehetra...

Mbola ho avy ny andro izay hampamoahina anareo ny zavatra rehetra nataonareo, dia ny andron’ny fitsanganana amin’ny maty izany, ka hoy i Allah ilay avo Tsitoha manao hoe :

{وَوُضِعَ الْكِتَابُ فَتَرَى الْمُجْرِمِينَ مُشْفِقِينَ مِمَّا فِيهِ وَيَقُولُونَ يَا وَيْلَتَنَا مَالِ هَذَا الْكِتَابِ لَا يُغَادِرُ صَغِيرَةً وَلَا كَبِيرَةً إِلَّا أَحْصَاهَا وَوَجَدُوا مَا عَمِلُوا حَاضِرًا وَلَا يَظْلِمُ رَبُّكَ أَحَدًا}

(Ary hapetraka ny Boky ka ho hitanao ireo mpanao heloka be vava matahotra izay ao anatiny. Ary hiteny izy ireo hoe : “ Loza ho anay ity ! Fa ahoana ity boky ity no tsy mamela ireo fahotana

madinika na ireo fahotana lehibe raha tsy notanisainy ? ” Ary ho hitan’izy ireo miharihary izay nataony. Ary tsy manao ny tsy rariny na amin’iza na amin’iza ny Tomponao). [18 : 49].

Allah dia efa nilaza fa ny olona tsy manaiky ny finoana Islam dia fiafarany ho ao amin’ny afon’ny helo mandrakizay.

Tena marina fa tsy mora ny fatiantoka, fa tena lehibe tokoa :

{وَمَنْ يَتَّبِعْ غَيْرَ الْإِسْلَامِ دِينًا فَلَنْ يُقْبَلَ مِنْهُ وَهُوَ فِي الْآخِرَةِ مِنَ الْخَاسِرِينَ }

(Ary izay mandray finoana hafa ankoatra ny finoana Islamo dia tsy ho ekena aminy izany, ary any an-koatra, dia ho anisan’ny matiantoka Izy). [3 : 85].

Ny Islam no finoana izay tsy eken'i Allah ny finoana hafa ankoatra azy izany.

Nahary sy nanamboatra Antsika Allah ary any Aminy no iverenantsika rehetra tsy ankanavaka, ary fitsapana ho antsika ny eto an-tany.

Aoka hino sy hanaiky ny olona iray fa : Fohy toy ny nofy ity fiainana ity... ary tsy misy mahalala hoe rahoviana izy no ho faty !

Inona no havalinao ny Mpahary anao raha manontany anao izy amin’ny andro fitsanganana amin’ny maty ny hoe : Nahoana ianao no tsy nanaraka ny fahamarinana? Nahoana ianao no tsy nanaraka ilay Mpaminany farany ?

Ahoana no fomba havalinao ny Tomponao amin'ny andro ny fitsanganana amin'ny maty, nefa efa nampitandrina anao fatratra Izy ny amin'ny vokatry ny tsy fanekena ny finoana Islam, ary nilaza Taminao fa ny hiafaran'ireo vahoaka tsy mpino dia fandranganana mandrakizay any amin'ny Afobe ?

Ary miteny Allah manao hoe :

(وَالَّذِينَ كَفَرُوا وَكَذَّبُوا بِآيَاتِنَا أُولَٰئِكَ أَصْحَابُ النَّارِ هُمْ فِيهَا خَالِدُونَ) [39:2].

(Ary ireo izay tsy mino sy milaza ny fanambaranay ho lainga, ireo no olon'ny Afobe, hitoetra ao mandrakizay izy ireo).

[2: 39].

Tsy misy fialan-tsiny intsony ho an'ireo olona izay niala tamin'ny fahamarinana ka nanaraka ireo fahaverezan'ny razambeny

Tompo Allah nilaza tamintsika fa maro amin'ireo olona mandà tsy manaiky ny hiditra hanaraka ny finoana Islam dia noho ny tahotra ny tontolo misy Azy.

Betsaka tokoa ny olona mandà tsy manaiky ny finoana Islam Satria tsy te hanova ny finoany, izay nolvainy tamin'ireo Razany na azony avy tamin'ny tontolo manodidina azy sy ny fiaraha-monina misy azy, sy efa nahazatra azy, ary maro tamin'izy ireo no voasakana noho ny fanatisma sy ny fifikirana amin'ny diso efa nilovainy tany aloha tany.

Ireo olona rehetra ireo dia olona tsy manana fialan-tsiny ny amin'izany, ary hijoro eo anatrehan'Allah tsy misy porofo fanamarinana.

Tsy fialan-tsiny ho an'ny olona tsy mino an'Allah ny filazana ny hoe : “Hijanona tsy hino an'Allah aho satria teraka tao amin'ny fianakaviana tsy mino an'Allah!” Fa kosa, tsy maintsy mampiasa ny saina nomen'Allah azy izy, ary mandinika ny halehiben'ny lanitra sy ny tany, ary mieritreritra amin'ny sainy izay nomen'ilay Mpahary azy mba hahatsapany fa manana Mpamorona izao tontolo izao, toy izany koa izay mivavaka amin'ny vato sy sampy dia tsy misy fialan-tsiny ny fanarahany ny Razany, fa tsy maintsy mitady ny fahamarinana izy ka manontany tena hoe : Ahoana no ivavahako amin'ny zavatra tsy misy aina izay tsy mandre ahy, na tsy mahita ahy, na mahaso ahy mihitsy ?

Toy izany ihany koa, ny Kristianina mino zavatra mifanohitra amin'ireo zavatra voajanahary sy ny saina, dia tsy maintsy manontany tena hoe : Ahoana no namonoan'ny tompo ny zanany izay tsy nanota, fa noho ny fahotan'ny hafa? ! Tsy rariny izany ! Ahoana no nahafahan'ny olombelona nanombo tamin'ny hazo fijalliana sy namono ny zanak'ilay Tompo? ! Moa ve Allah tsy afaka mamela ny fahotan'ny olombelona raha tsy mamela azy ireo hamono ny Zanany? Tsy vitan'ny tompo ve ny miaro ny Zanany ?

Voadidy ho an'ny manan-tsaina rehetra ny manaraka ny fahamarinana, fa tsy manaraka an-jambany ny raim-pianakaviana sy ny raibe amin'ny lainga.

Niteny i Allah manao hoe :

﴿وَإِذَا قِيلَ لَهُمْ تَعَالَوْا إِلَى مَا أَنْزَلَ اللَّهُ وَإِلَى الرَّسُولِ قَالُوا حَسْبُنَا مَا وَجَدْنَا عَلَيْهِ
ءَابَاءَنَا أُولَئِكَ هُمُ لَا يَعْلَمُونَ شَيْئًا وَلَا يَهْتَدُونَ﴾

(Ary raha lazaina amin'izy ireo hoe : “Avia ho amin'izay nambaran'Allah sy amin'ny Iraka”, dia hoy izy ireo : “Ampy ho anay izany, araka ny nahitanay ny razanay, dia tahaka ny razan'izy ireo tsy mahalala zavatra ary tsy ho voatari-dàlana izy ireo). [5 :104].

Inona no tokony hataon'ny olona te hiova ho mpino silamo ka matahotra ny fanenjehan'ireo havany?

Izay olona mila hiditra na tia hiova ho mpino silamo nefany matahotra ny tontolo manodidina azy, dia afaka mivadika ho mpino silamo fona izy amin'ny endrika miafina. Izany hoe azony atao ny manafina ny finoany mandra-pamorain'i Allah ho azy ny làlana tsaratsara kokoa izay ahafahany mahaleo tena sy maneho ny finoany.

Adidinao ny manaiky ny finoana Islam eo no ho eo, fa tsy voatery hampahafantatra ny manodidina anao ny fidiranao amin'ny finoana Islam na mampahafantatra izany, raha mety hanimba anao izany.

Fantaro fa raha miditra amin'ny finoana Islam ianao dia lasa ho rahalahin'ireo mpino silamo manerantany sy ireo vahoaka silamo antapitrisany, ary afaka mifandray amin'ny mosquée na foibe islamika ao amin'ny firenenao ianao ary mangataka torohevitra sy fanampiana aminy, dia ho faly amin'izany izy ireo.

Niteny Allah manao hoe :

{وَمَنْ يَتَّقِ اللَّهَ يَجْعَلْ لَهُ مَخْرَجًا وَيَرْزُقْهُ مِنْ حَيْثُ لَا يَحْتَسِبُ}

{Ary izay matahotra an'i Allah, dia hanome làlana tsara ho Azy ary hanome azy anjara amin'ny tsy ampoiziny }

[65 : 2, 3]

Ry mpamaky malala

Moave tsy ny fankasitrahan'i Allah ilay Nahary anao, izay nanome anao ny fitahiany rehetra, izay nanome anao hanina fony anao mbola zaza tao ankibon-dreninao sy nanome anao ny rivotra iainanao ankehitriny, no zava-dehibe kokoa noho ny fankasitrahan'ny olona anao ?

Moave tsy ny fandresena sy fahombiazana eto an-tany sy any an-koatra no mendrika hanaovana sorona ny fahafinaretana mandalo rehetra eo amin'ny fiainana? Izany tokoa, mianiana aho amin'i Allah !

Aza avela hanakana anao ny tsy mba hanitsiana ny làlan-disonao sy hanaovanao ny tsara ny lasanao rehetra.

Meteza ho tena mpino ianao anketriny ! Aza avela hanakana anao tsy hanaraka ny marina sy ny fahamarinana i Satana !

Niteny Allah manao hoe :

{يَا أَيُّهَا النَّاسُ قَدْ جَاءَكُمْ بُرْهَانٌ مِنْ رَبِّكُمْ وَأَنْزَلْنَا إِلَيْكُمْ نُورًا مُبِينًا (174) فَأَمَّا الَّذِينَ آمَنُوا بِاللَّهِ وَاعْتَصَمُوا بِهِ فَسَيُدْخِلُهُمْ فِي رَحْمَةٍ مِنْهُ وَفَضْلٍ وَيَهْدِيهِمْ إِلَى صِرَاطٍ مُسْتَقِيمًا (175)}

(O ianareo ry olombelona ! efa tonga aminareo ny porofo mazava avy tamin'ny tomponareo, ary nampidinina taminareo ny hazavana miharihary. (174)

Fa ireny izay nino an'i Allah kosa sy nifikitra Aminy, dia hampidiriny amin'ny indrafo avy Aminy sy ny fahasoavana izy ireo, ary hotarihiny ho amin'ny lalana mahitsy mankany Aminy izy ireo. (175).

[4: 174 ,175].

Vonona ve ianao ny handray fanapahan-kevitra lehibe indrindra teo amin'ny fiainanao?

Raha toa ka maharesy lahatra anao izany rehetra izany, ary fantatrao ao am-ponao ny fahamarinana, dia tokony hanao ny dingana voalohany amin'ny fahatongavana ho mpino Isilamo ianao. Tianao ve ny hanampiano anao handray fanapahan-kevitra tsara indrindra amin'ny fiainanao sy hitarika anao amin'ny fomba hahatongavana ho mpino silamo?

Aza avela manakana anao tsy hiditra hanaraka ny finoana Islam ny fahotanao, Satria Allah efa nilaza tamintsika ao amin'ny Boky masina KOROANY fa mamela ny fahotan'ny olona iray Izy raha miditra amin'ny finoana Islam sy mibebaka amin'ny Mpahary azy. Eny na dia aorian'ny fidiranao Islam dia mbola hanao fahotana sasany isika satria olombelona fa tsy anjely tsy mety diso, fa ny ilaina amintsika ny mangataka famelan-keloka amin'Allah sy mibebaka Aminy. Ary raha hitan'Allah fa maika ianao dia niditra tao amin'ny finoana Islam ary nanonina ireo fijoroana vavolombelona roa ireo, dia hanampy anao hiala amin'ny fahotana hafa Izy, ka izay manaiky an'Allah sy manaraka ny fahamarinana, dia hotarihin'Allah amin'ny tsara kokoa, koa aza misalasala miditra amin'ny finoana Islam ankehitriny.

Isan'ny Porofo amin'izany ilay tenin'i Allah manao hoe :

(قُلْ لِلَّذِينَ كَفَرُوا إِنْ يَنْتَهُوا يُغْفَرْ لَهُمْ مَا قَدْ سَلَفَ)

"Lazao amin'ireo izay tsy mino fa raha miala amin'ny tsy finoana izy ireo dia havela ny helony tany aloha." [8 : 38].

Inona no tokony hataoko mba ho lasa mpino silamo?

Ny fidirana amin'ny finoana Islam dia mora sy tsotra ary tsy dia mitaky fombafomba maro na koa hoe zavatra atao amin'ny fomba ofisialy, na ny

fisian'iza na iza hiatrika eo, fa ny zavatra takina fotsiny amin'ilay olona, dia ny tsy maintsy manonona ny fijoroana ho vavolombelona roa, mahafantatra ny dikany ary mino izany, amin'ny filazana hoe : (Mijoro ho vavolombelona aho fa tsy misy Tompo tompoina amin'ny marina afa-tsy Allah, ary mijoro ho vavolombelona ihany koa Aho fa i Mouhammad dia Iraka sy Mpaminan'Allah), raha azo atao ny miteny izany amin'ny teny arabo dia tsara, fa raha sarotra aminao kosa izany dia ampy ny fitenenana azy amin'ny fiteninao mahazatra, ary noho ny fitenenanao izany dia ho lasa mpino silamo ianao, ka aorian'izany dia tsy maintsy mianatra avy hatrany ny finoanao ianao, izay ho loharanon'ny fahasambaran'ao eto an-tany sy ny famonjena ho anao any an-koatra.

Raha mila fanazavana fanampiny momba ny finoana Islam dia manoro hevitra anao aho mba hitsidika ny tranokala :

Raha te hianatra ny fomba fampiharana ny finoana Islam dia manoro hevitra anao izahay hitsidika ny tranokala :

Fanoroam-pejy

Iza tokoa no nanamboatra Ahy ? Ary inona ny antony nanamboarana Ahy ?	2
Ny zava-drehetra dia samy manondro avokoa ny fisian'ilay Mpahary	2
i Tompo Allah ilay avo Tsitoha sy be voninahitra	4
Toetran'ilay Tompo Be voninahitra sy avo Tsitoha.....	5
Ny Tompo izay ivavahana dia tsy maintsy manana toetra ilazana ny fahafenoana	6
Eken'ny saina ve ny hoe hamela antsika tsy mba hisy fanambarana ny Mpahary ?	8
Boky masina Koroany	11
Nahoana no maro samihafa ny Iraka ?	12
Tsy ho mpino mihitsy ny Olona iray raha tsy efa mino sy manaiky an'ireo iraka rehetra.....	13
Inona no atao hoe Islam ?	14
Inona ny fomba izay hinoan'ireo vahoaka Isilamo mahakasika ny momba an'i Jesosy (A.S), fiadanana ho Azy ?.....	16
Inona ny tokony hataoko raha te ho mpino silamo aho?	23
Ny finoana Islam no lalan'ny fiadanana sy fahasambarana .	24
Inona no soa azoko amin'ny fidirana amin'ny finoana Islam?	25
Inona no mety fahavoazako raha mandà ny finoana Islam aho?	27
Aza tara mandray fanapahan-kevitra !.....	28
Tsy misy fialan-tsiny intsony ho an'ireo olona izay niala tamin'ny fahamarinana ka nanaraka ireo fahaverezan'ny razambeny.....	30
Inona no tokony hataon'ny olona te hiova ho mpino silamo ka matahotra ny fanenjehan'ireo havany?	32

Ry mpamaky malala.....	33
Vonona ve ianao ny handray fanapahan-kevitra lehibe indrindra teo amin'ny fiainanao?.....	34
Inona no tokony hataoko mba ho lasa mpino silamo?	35